A.C.M

The Ahl ul-Bayt (a.s) World Assembly

# NY MPAMINANY MOHAMMAD(s.w) Dia Toy ny Voninkazo

**Fampianarana momba ny fomba fiainan'i Mpaminany Mohammad (s.w) amin' ireo zaza madinika**


Izay nosoratan' i:
GHOLAMREZA HEIDARI ABHARI
Nandika tamin' ny teny Malagasy:
ABDELHALIM ZAZAH BEN MADJIDY
Nanao ny sary : Sam SALMASSI


MOHAMMAD(sw)dia Toy ny Voninkazo

Gholamreza HIDARI ABHARI

A.C.M

# MOHAMMAD (sw) Dia Toy ny Voninkazo



Nosoratan'i : **Gholamreza HIDARI ABHARI**
Nadikan'i : **Abdoulrahim HOMATACH**
Nanao ny sary : **Sam SALMASSI**
Isan'ny natonta : **1000 ex**
Fanontana Voalohany 2017

The Ahl ul-Bayt (a.s) World Assembly

Amin' ny anaran' Andriamanitra, ilay be fiantrana, ilay be indrafo

# Nahoana isika no tsy maintsy miteny manao hoe: "amin'ny Anaran' Andriamanitra"?

(Fanontaniana efatra manaraka)

## Fampianarana ny fomba fiainan' i Mpaminany (s.w) amin' ireo zaza madinika





## Nahoana isika no tsy maintsy miteny manao hoe "amin'ny anaran'Andriamanitra"?

Alohan'ny hisakafo isika dia miteny "amin' ny anaran' Andriamanitra".
Alohan'ny handeha any an-tsekoly isika dia miteny "amin' ny anaran' Andriamanitra".
Alohan'ny hanao asa-tanana isika dia miteny "amin' ny anaran' Andriamanitra"




Ny asa rehetra izay ataontsika dia miatomboka "amin'ny anaran' Andriamanitra" avokoa. Eny fa na dia asa farany izay kely aza, toy ny fanatsofohana kiraro.
Eo am-pitenenana "amin'ny anaran'Andriamanitra" isika, dia mahatsiaro an'Andriamanitra, no mitady fanampina avy aminy. Toy ny miteny amin'Andriamanitra manao hoe: "Andriamanitro! Ampio aho amin'ity asa ity"






Ny fitenenana manao hoe "amin'ny anaran'Andriamanitra" dia fangatahana fiarovana avy amin'Andriamanitra ihany koa. Ohatra: rehefa handeha lavitra isika dia miteny manao hoe "amin'ny anaran'Andriamanitra"; toy ny miteny amin'Andriamanitra manao hoe: "Andriamanitro! Arovy amin'ity dia ity izahay."

Ny asa rehetra izay ataon'i Mpaminany Mohammad (s.w) dia miantomboka amin'ny anaran'Andriamanitra avokoa. Izy alohan'ny hisakafo, hisotro rano, hitafy lamba, handeha lavitra, hiteny, hivoaka ny trano, hiditra ny trano, hanao fidiovana masina, hatory, ... dia miteny manao hoe "amin'ny anaran'Andriamanitra". Izy dia tsy manao zavatra raha tsy miantomboka amin'ny teny manao hoe "amin'ny anaran'Andriamanitra"



# Nahoana isika no Tsy maintsy manatanteraka ny vavaka fanompoana ?



Rehefa manoratra fampiasana ianao; miverina aminao ve ny tombontsoany sa miverina amin'ny mpampianatrao? Mazava ho azy fa miverina aminao.

Raha nisy olona marary ka nihinana fanafody; miverina aminy ve ny fahasalamana sa miverina amin'ny mpitsabo azy? Mazava ho azy fa miverina aminy izany. Andriamanitra dia tsy mitady ny vavaka fanompoana izay ataontsika.

Tombontsoa hoantsika ny fanatanterahana vavaka fanompoana. Ny vavaka fanompoana dia manala ny fizahozahoana, sy ny fitiavan-tena, ary ny fialonanana ao am-pontsika. Ny vavaka fanompoana dia mametraka hatsaram-panahy, sy fitiavana ao am-pontsika ihany koa.

Anisan'ny tombontsoa azo avy amin'ny vavaka fanompoana ny famelana ireo fahotantsika. Ny vavaka fanompoana dia toy ny renirano iray izay idiovantsika in-dimy isan'andro.





Ny vavaka fanompoana dia karazana fankasitrahana an'Andriamanitra ihany koa. Izy dia nanome fahasoavana maro antsika. Eny fa na dia isika aza tsy hahavoaisa ireo fahasoavana ireo. Tsy tokony hankasitraka an'Andriamanitra ve isika noho izany fahasoavana izany? Mpaminany Mohammad (s.w) dia tena nanome lanja ny vavaka fanompoana. Rehefa tonga ny fotoan'ny vavaka fanompoana dia avelany avokoa ny asany rehetra. Izy dia manao vavaka fanompoana amin'ny fotoanany, ary miaraka amin'ireo vahoaka. Mazava ho azy fa tsy manafaingana ny vavaka fanompoana izy. Mpaminany Mohammad (s.w) dia niteny nanao hoe: "ny vavaka fanompoana dia fanalahidin'ny paradisa", ary niteny ihany koa izy nanao hoe: "ny vavaka fanompoana dia fototry ny finoana"



# Nahoana isika no tsy maintsy mitalaho ?



Ny filantsika hiresaka amin'ny olona sasany dia tahaka ny filantsika rano sy sakafo. Rehefa miresaka amin'ny namantsika isika dia mahatsapa ho faly, ary ny alahelo rehetra dia hadino avokoa.

Mazava ho azy fa ny namana tsara indrindra dia Andriamanitra. Tsara raha mba miresaka aminy ihany koa isika. Ny firesahana amin'Andriamanitra dia tena mamy. Izany no antsoina hoe **fitalahoana.**

Andriamanitra dia tsy ho reraka na oviana na oviana ny amin'ny fihainoana ny tenintsika. Raha miresaka in-jato isan'andro aminy isika dia mbola henoiny ihany.

Ny firesahantsika amin'Andriamanitra dia manavotra antsika amin'ny tsy fanantenana, sy ny fahasorisorena, ary manalavitra antsika amin'ny satana.

Rehefa mitalaho amin'Andriamanitra isika dia afaka miteny ny hetahetantsika rehetra. Raha tsy notanterahiny ny hetahetantsika, dia soloiny fahasoavana izany rehefa any amin'ny paradisa. Noho izany, ny fitalahoana amin'Andriamanitra dia ahitana tombontsoa.





Mpaminany Mohammad (s.w) dia tia mitalaho amin'Andriamanitra. Hoan'i Mpaminany Mohammad (s.w) manokana, ny firesahana amin'Andriamanitra dia tsara kokoa noho ny firesahana amin'ny namana. Isan'andro izy dia im-betsaka miresaka amin'Andriamanitra. Izy dia niteny nanao hoe: "tsy misy asa bevoninahitra kokoa eo anatrehan'Andriamanitra mihoatra ny fitalahoana"



## Nahoana isika no tsy maintsy mamaky ny boky masina Kor'any ?

Ny famantaranavaratra dia manampy antsika amin'ny fitadiavana lalana any amin'ny vohitra sy tany karakaina mba ahafahantsika tonga amin'ny tanjona izay alehantsika. Ny jiro dia manampy antsika amin'ny haizina mba ahatonga antsika tsy ho lavo amin'ny tany.





Ireo famantaram-pifamoivoizana dia manampy antsika mpamily mba tsy ho tra-doza na koa hifandona amin'ny hafa.
Ny boky masina Kor'any dia tahaka ny famantaranavatra, sy ny jiro, ary ny famantaram-pifamoivoizana. Ny mpino Silamo izay manaraka ireo torohevitra ao amin'ny boky masina Kor'any dia tsy maintsy tonga amin'ny fahasambarana. Izy dia tsy ho very lalana na oviana na oviana, ary tsy ho any amin'ny afobe.



Ny ampahany amin'ny boky masina Kor'any dia tantaran'ireo olona tsara fitondran-tena, toan'i Mpaminany Abrahama (a.s); ny ampahany hafa dia tantaran'ireo olona ratsy fitondran-tena, toan'i Faraona. Ny ampahany ao amin'ny boky masina Kor'any dia torohevitra amin'ny fanaovana asa tsara, toy ny fanaovana soa ireo Ray aman-dReny; ary ny ampahany hafa dia miresaka momba ireo asa ratsy, toy ny lainga. Ny amapahany ao amin'ny boky masina Kor'any dia miresaka momba ny tontolo any ankoatra.

Ny mpino Silamo izay mamaky ny boky masina Kor'any isan'andro, dia tahaka ny manatrika ny fampianarana izay ataon'Andriamanitra isan'andro, ary mianatra ny lalan'ny fahasambarana. Mpaminany Mohammad (s.w) dia matetika mamaky ny boky masina Kor'any. Izy dia tena mitia izany zavatra izany, ary amin'ny feo tsara no amakiany ny boky masina Kor'any.



# Nahoana isika no tsy maintsy mandeha any amin'ny toeram-pivavahana? ?



Maro ireo toerana izay azo ilalaovana baolina kitra, nefa ny filalaovana izany amin'ny toerana misy bozaka no tena tsara. Maro ireo toerana izay azo andrahoana sakafo, nefa ny fandrahoana izany amin'ny toerana fandrahoana azy no tena tsara.



Maro ireo toerana izay ahafahantsika midio, nefa any amin'ny toerana fidiovana no tena tsara.

Maro ireo toerana izay azo anatanterahana vavaka fanompoana; nefa any amin'ny toeram-pivavahana no tena tsara sy manan-danja kokoa amin'ny fanaovana izany. Ny toeram-pivavahana dia natao ho fanompoana an'Andriamanitra sy famakiana ny boky masina Kor'any. Ny tontolon'ny toeram-pivavahana dia tena milamina. Amin'izany toerana izany no mora kokoa anompoana an'Andriamanitra. Rehefa manao vavaka fanompoana any amin'ny toeram-pivavahana isika dia tsy misy zavatra manelingelina ny saina.



Ny tombontsoa azo avy amin'ny **toeram-pivavahana,** dia any no anatanterahana vavaka fanompoana miaraka amin'ny vahoaka. Ny fahasoavana azo avy amin'ny vavaka fanompoana miaraka amin'ny vahoaka no maro kokoa noho ny vavaka fanompoana hoan'olon-tokana.

Ny **toeram-pivavahana** dia toerana fampianarana finoana ihany koa. Ireo manam-pahaizana momba ny finoana tonga any amin'ny **toeram-pivavahana** dia mampianatra ny boky masina Kor'any sy ireo lalàna mahakasika ny finoana Silamo.

Any amin'ireo **toeram-pivavahana** dia afaka ahitantsika ireo namana tsara fitondran-tena.

Any amin'ny **toeram-pivavahana** no anatanterahan'i Mpaminany Mohammad (s.w) ny vavaka fanompoana in-dimy isan'andro. Niteny izy nanao hoe: **"ny olona izay akay ny toeram-pivavahana dia tokony hanatanteraka vavaka fanompoana ao amin'izany toerana izany"**



## Fanontaniana :

1. Rehefa hihinana ihany ve isika no tsy maintsy miteny manao hoe "amin'ny anaran'Andriamanitra"?
2. Mitady ny vavaka fanompoana izay ataontsika ve Andriamanitra?
3. Im-piry isan'andro isika no afaka miresaka amin'Andriamanitra?
4. Inona koa ireo zavatra voalaza ao amin'ny boky masina Kor'any ankoatra ireo tantara?
5. Inona no zavatra nolazain'i Mpaminany (s.w) mahakasika ireo olona izay mipetraka akaiky ny toeram-pivavahana?



Amin' ny anaran' Andriamanitra, ilay be fiantrana, ilay be indrafo

# Nahoana isika no tsy maintsy miborosy nify ?

## (Fanontaniana efatra manaraka)

**Fampianarana ny fomba fiainan' i Mpaminany (s.w) amin' ireo zaza madinika**





# Nahoana isika no tsy maintsy miborosy nify ?



Rehefa mihinan-kena isika dia misy ampahany amin'izany tavela eny amin'ny nify. Rehefa mihinana mofo mamy isika, dia misy ampahany amin'izany manarona ny nifintsika.

Izany zavatra izany no mahatonga ny fahasimban'ny nifintsika.

Mba hahatonga ny nifintsika tsy ho simba dia tsy maintsy **borosina** izany. Raha **miborosy nify** isika dia tsy ho simba na oviana na oviana ny nifintsika.



Ny fiborosina nify no mahatonga ny nifintsika ho tsara sy ho fotsy. Raha mihomehy isika dia hita ho tsara ny tarehintsika. Ny fiborosina nify dia manala ny fofona ao am-bava ihany koa. Raha tsy miborosy nify isika dia mamaoka fofona ny vavantsika, ary tsy hisy olona hiresaka amintsika.

Mpaminany Mohammad (s.w), isan'andro dia miborosy nify. Eny fa na dia mandeha lavitra aza izy, dia tsy manadino ny fiborosina nify. Ny borosy nify dia anisan'ireo zavatra entiny rehefa mandeha lavitra izy. Niteny izy nanao hoe: "ny fiborosina nify dia mahatonga ny fahadiovan'ny vava, ary mahatonga ny hafalian'Andriamanitra."



# Nahoana isika no tsy maintsy mandeha amin'ny trano fidiovana ?

Isan'andro dia mamoaka dinitra ny vatantsika. Raha mafana ny andro dia betsaka ny dinitra avoakany, ary raha mangatsiaka ny andro dia kely ny dinitra avoakany.

Isan'andro dia misy vovoka mipetaka eny amin'ny vatantsika. Isan'andro dia ahitana setroky ny fiara na milina mandalo amin'ny lambantsika ary mipetaka eny amin'ny vatantsika.

Ireo zavatra ireo no mahatonga ny fahalotoan'ny vatantsika. Izany no mahatonga antsika tsy maintsy mandeha amin'ny trano fidiovana, ary farafahakeliny indray isan'andro isika no mandio ny vatantsika manontolo.







Rehefa mandeha amin'ny trano fidiovana isika dia lasa tsara. Rehefa mandeha amin'ny trano fidiovana isika dia lasa manimanitra. Rehefa mandeha amin'ny trano fidiovana isika dia lasa falifaly. Ratsy ve raha tsara sy manimanitra ary falifaly isika isan'andro? Inona ny olana raha toa ka salama isika isan'andro? Araka ny fijerinao, madio ve no tsara kokoa sa maloto?

Mpaminany Mohammad (s.w) dia nadio lalandava. Nananatra ireo mpanaradia azy ihany koa Izy mba hanome lanja ny fahadiovana, ary tiany raha madio ihany koa izy ireo. Izy dia niteny nanao hoe : "Andriamanitra dia tsy mitia olona maloto."



## Nahoana isika no tsy maintsy manapaka hoho?

Ny tanana dia manampy betsaka antsika. Amin'ny alalan'ny tanana no ahafahantsika manoratra, milomano, mandray zavatra, ary maro ireo asa izay tanterahintsika amin'izany.



Ny tanana dia manampy antsika rehefa misakafo isika. Noho izany, dia tokony hanome lanja ny fahadiovan'ny tanana isika. Raha maloto ny tanantsika dia mitarika ny fidiran'ny mikroba any anaty ny vatana ka mahatonga ny olona harary. Noho izany, alohan'ny hisakafo isika dia tokony hanasa tanana. Rehefa avy nandeha w.c isika dia tokony hanasa tanana amin'ny savony.
Mba hahatonga ny tanantsika hadio, dia misy zavatra iray tokony hataontsika. Tokony tapahina isankerindro farafahakeliny ny hohontsika.





Tsy tokony ahitana mikroba miangona ao ambanin'ny hohontsika. Ireo mikroba izay miangona ao ambanin'ny hoho dia miditra any amin'ny vatana, ary mahatonga ny olona harary. Ny hoho lava sy maloto dia mahatonga ny tanantsika ho ratsy endrika.

Mpaminany Mohammad (s.w) dia nanapaka ny hohony isankerindro. Alohan'ny handeha hamonjy vavaka fanompoana isaky ny andro zoma izy dia manapaka ny hohony.



## Nahoana isika no tsy tokony hihinana be loatra ?

Ny filan'ny vatantsika sakafo dia tahaka ny filan'ny vatantsika toetrandro. Tsy mitohy ny fiainana raha tsy misy sakafo, ary tsy misy olona mahavita zavatra. Raha tsy misakafo ny olona matanjaka indrindra amin'ny fanatanjahantena dia lasa malemy.

Izany no nahatonga an'Andriamanitra nanome antsika zava-pihinana maro isankarazany. Izy dia nanome antsika trondro, akoho, omby, ondry, rameva, …

Izy dia nanome antsika voninkazo isankarazany.

Izy dia nanome antsika hanin-kotrana isankarazany.







Ireo zavatra ohanintsika ety ambonin'ny tany dia fahasoavana avy amin'Andriamanitra avokoa. Tsy misy olana ny fampiasana ireo fahasoavana ireo; nefa aza hadino fa tsy tokony hihinana be loatra isika. Ny olona mihinana be loatra dia matetika tratra ny aretina.

Ny fihinana be loatra dia mahatonga ny olona ho kamo. Ny olona mihinana be loatra dia tsy afaka mianatra lesona, tsy afaka manao fanatanjahantena, ary tsy afaka manatanteraka vavaka fanompoana. Ny fihinana be loatra dia mahatongantsika havesatra, sy te hatory.

Mpaminany Mohammad (s.w) dia tsy mba nihinana be loatra. Izy dia mihinana sakafo antonony. Izy dia mananatra ireo mpanaradia azy mba tsy hihinana be loatra ihany koa. Izy dia mahafantatra fa Andriamanitra dia tsy mitia olona mameno kibo be loatra.



## Nahoana isika no tsy maintsy mankasitraka ?



Andriamanitra dia nanome antsika fahasoavana be dia be. Izy dia nanome antsika tanana, tongotra, maso, sofina, vava, nify, volo, volomaso, lela, ary orona. Izy dia nanome Ray sy Reny, ary bebe sy dadabe antsika. Izy dia nanome antsika ireo voankazo sy ireo zava-pihinana maro isankarazany.
Izy dia nametraka masoandro eo ambonin'ny lohantsika mba hampazava sy hampafana an'ity tany ity.
Izy dia nampisy ny renirano sy ny loharano mba hanalan'ireo mpanompony hetaheta.

Tsy tokony hankasitraka an'Andriamanitra ve isika, noho ireo fahasoavana ireo? Raha misy olona manome vatomamy antsika dia mankasitraka azy isika. Tsy tokony hankasitraka an'Andriamanitra ve isika noho ny fanomezany antsika ireo fahasoavana ireo?

Noho izany dia tsy tokony hadino ny fankasitrahana an'Andriamanitra. Raha avy nisakafo ianao dia tokony hiteny manao hoe: “dera sy voninahitra ho an'Andriamanitra”.





Raha avy nisotro rano, na ranom-boankazo ianao dia miteny manao hoe: "dera sy voninahitra ho an'Andriamanitra". Rehefa mitafy lamba vaovao ianao dia tokony hankasitraka an'Andriamanitra, ary miteny manao hoe: "dera sy voninahitra ho an'Andriamanitra".

Mpaminany Mohammad (s.w) dia isan'ireo mpanompo mpankasitraka. Izy dia mankasitraka an'Andriamanitra rehefa avy nisakafo, avy nisotro rano, rehefa mitafy lamba, ary rehefa avy mifoha. Mba ho fankasitrahana ireo fahasoavana izay azony; na Izy miteny "dera sy voninahitra ho an'Andriamanitra", na manatanteraka vavaka fanompoana, na miankohoka.



## Fanontaniana :

1. Miborosy nify ve Mpaminany (s.w) rehefa mandeha lavitra?
2. Inona no mahatonga ny vatantsika haloto?
3. Amin'ny fotoana manao ahoana no anapahan'i Mpaminany ny hohony?
4. Inona no voka-dratsy ateraky ny fihinana be loatra?
5. Inona no zavatra izay ataon'i Mpaminany rehefa mankasitraka an'Andriamanitra izy?



Amin' ny anaran' Andriamanitra, ilay be fiantrana, ilay be indrafo

# Nahoana isika no tsy tokony ho maika ?

## (Fanontaniana efatra manaraka)

### Fampianarana ny fomba fiainan' i Mpaminany (s.w) amin' ireo zaza madinika





# Nahoana isika no tsy tokony ho maika ?

Raha misy olona maika eo am-pitondrana fiara, dia mety hifandona amin'ny hafa.



Raha misy olona maika eo am-piakanjoana, dia mety hifamadika ny bokotra izay apetany.

Raha misy olona maika eo am-pamoasana voankazo, dia mety ho voadidin'ny antsy ny tanany.

Rehefa maika isika dia lasa voaelingelina ny saintsika ary mety hanao fahadisoana. Amin'ny fotoana izay maha maika antsika dia tsy mahita tsara ny maso, tsy maheno tsara ny sofina, ary tsy afaka mamadibadika lela sy mieritreritra tsara.





Ny olona izay maika dia matetika tratra ny fahasahiranana; nefa kosa ny olona izay tsy maika, dia milamina tsara ny fiainany.
Ireo asa izay ataony dia tsara kokoa.
Mpaminany Mohammad (s.w) dia tsy mba maika. Rehefa manatanteraka vavaka fanompoana izy dia tsy maika, rehefa mitaingina soavaly na rameva izy dia tsy maika. Rehefa mandeha amin'ny lalana izy dia tsy maika. Izy dia tsy maika amin'ny asa rehetra izay ataony. Niteny izy nanao hoe: "ny hamaikana dia avy amin'ny satana".



## Nahoana isika no tsy maintsy mitandrina tsara ny lamina ?

Ny efitrano izay mikorontana ve no tinao kokoa sa ny efitrano izay milamina?
Ny tranombarotra izay mikorontana ve no mora hividiananao zavatra,
sa tranombarotra izay milamina?
N'aiza n'aiza toerana ahitana lamina dia mora sy ahitana fahafinaretana kokoa ny fiainana amin'izany. Tsara ny lamina ho an'ny toerana sy olona rehetra.
Eo amin'ny familiana fiara, ny vahoaka izay manaraka ny lamina ve no mora kokoa sa ny vahoaka izay tsy manaraka izany? Noho izany, raha tsy te ho sahirana ianao dia hajao ny lamina. Rehefa avy nianatra ianao ka manala ny lambanao, dia ataovy amin'ny toerana misy azy izany. Aza atsipy eny amin'ny toerana fatoriana, na fipetrahana.
Rehefa avy naka fitaovana tao an-dakozia ianao, dia avereno amin'ny toerany izany.
Rehefa manoratra fampiasana ianao, dia sorato milamina sy mahitsy tsara izany.





Rehefa mijery fitaratra ianao, dia alamino tsara ny lambanao sy ny volonao.
Mpaminany Mohammad (s.w) dia tena tia zavatra milamina. Eny fa na dia ny filaharan'ireo mpanao vavaka fanompoana aza dia alaminy tsara. Izy dia manome lanja ny filaminan'ny volo sy ny lambany ihany koa. Rehefa mandeha lavitra izy dia mitondra fihogo.






## Nahoana isika no tsy maintsy maka hevitra amin'olona manoloana ireo asa izay ataontsika ?

Ny mpamboatra fiara dia mahafantra tsara ny fomba fanaovana izany, fa tsy mahafantatra ny fomba fanaovana trano.

Ny mpitsabo nify dia mahay mamboatra nify simba, fa tsy mahay mitsabo maso.

Ny mpamboatra trano dia mahafantatra tsara ny fomba fanaovana izany, fa tsy mahay mamboatra sary mihetsika.





Ny fahalalan'ny zanakolombelona dia tsy feno tanteraka. Misy olona mahalala zavatra be dia be, nefa misy ihany koa ny zavatra tsy fantany.

Noho izany, dia tsy afaka miankina tanteraka amin'ny fahalalantsika isika. Tokony hampiasa ny fahalalan'ny sasany isika amin'ity fiainana ity, ary alohan'ny hanao zavatra dia tokony maka hevitra amin'ireo manam-pahaizana momba izany. Amin'izany fotoana izany dia afaka manapa-kevitra tsara isika.



Raha maka hevitra amin'ny mpanjaitra isika alohan'ny hividy lamba, dia afaka mividy lamba tsara kokoa.

Raha maka hevitra amin'ny zokintsika isika alohan'ny hanao asa tanana, dia mety ho tsara kokoa ny asatanana izay ataontsika.

Raha maka hevitra amin'olona manam-pahaizana isika amin'ny fisafidianana boky, dia mety hahita boky tsara kokoa.

Mpaminany Mohammad (s.w) dia tia maka hevitra amin'ny sasany. Izy dia tsy mbola niteny nanao hoe, izaho dia tsy haka hevitra amin'ny sasany, satria manam-pahalalana. Alohan'ny hana-pakevitra izy, dia manontany sy maka hevitra amin'ireo mpanaradia azy.



# Nahoana isika no tsy maintsy miasa ?

Ao anatin'ny fianakaviana iray dia tokony hisy olona iray manan'asa farafahakeliny. Izany hoe miasa izy ary mampidi-bola.

Raha tsy miasa no tsy mampidi-bola ny olona, dia tsy afaka mividy zavatra ho azy sy hoan'ny fiananfkaviany.

Raha tsy miasa ny olona dia tsy afaka mandeha lavitra no tsy afaka mandray vahiny.

Tsy ny vola ihany no tombantsoa azo avy amin'ny asa; ny fisian'asa dia mahatonga antsika tsy ho kamo na ho kivy.

Ny asa no mahatonga ny fandrosoan'ny firenentsika. Arakaraka ny hamaroan'olona miasa no mahatonga ny firenentsika ho tsara sy hatanjaka. Nefa kosa, tokony ho olon-dehibe aloha ianao. Rehefa lehibe ianao dia afaka miasa.





**Mpaminany Mohammad (s.w) dia olona tia miasa. Izy dia efa niandry ondry, ary efa nivarotra ihany koa. Izay dia niteny amin'ireo mpanaradia azy nanao hoe:**

**"izay olona miezaka mamelona ny fianankaviany dia tahaka ny olona izay miady amin'ny lalan'Andriamanitra"**





# Nahoana isika no tsy maintsy miaritra ?

Na dia manintsy aza ny ririnina, dia mety tapitra rehefa tonga ny lohataona. Na dia lava aza ny alina, dia mety tapitra rehefa tonga ny maraina. Na dia mandrivotra aza ny andro ka mitondra vovoko, dia mety tapitra, ary miverina amin'ny laoniny. Tsy misy zavatra mafy mitoetra ho mandrakizay, fa tsy maintsy misy fiafarany. Noho izany, raha marary na tsy misy vola na irery ianao, dia aza kivy. Manàna faharetana amin'ny fiainana.





Tsy misy olona tonga eo amin'ny fahombiazana raha tsy miaritra. Afaka mamokatra ve ny tantsaha raha tsy miaritra? Ho tonga any amin'ny ambaratonga ambony ve ny mpianatra iray raha tsy miaritra? Ho lasa tompondaka ve ny mpanao fanatanjahantena iray raha tsy miaritra amin'ny hamafin'ny fanazarantena?



Mpaminany Mohammad (s.w) dia nandalo fiainan-tsarotra, ary niaretany avokoa izany. Mbola tsy teraka izy dia efa nindaosin'ny fahafatesana ny Rainy. Feno enina taona izy dia nindaosin'ny fahafatesana ihany koa ny Reniny. Tamin'ny fahatanorany dia nandalo asa sarotra toy ny fiandrasana ondry izy. Tamin'ny faminaniany dia nandalo fampijaliana izay nataon'ireo tsy mpino ihany koa izy. Nefa izy dia niaritra foana. Niteny izy nanao hoe: "tena marina, ny fandresana dia miaraka amin'ny fiaretana".



## Fanontaniana :

1. Inona no zavatra nolazain'i Mpaminany (s.w) mahakasika ny hamaikana?
2. Inona no zavatra tokony hataontsika mba hahatonga antsika ho isan'ireo olona manaraka ny lamina?
3. Inona no atao hoe fakana hevitra?
4. Mba niasa ve Mpaminany (s.w)?
5. Inona no zavatra nolazain'i Mpaminany (s.w) mahakasika ny fiaretana?



Amin' ny anaran' Andriamanitra, ilay be fiantrana, ilay be indrafo

# Nahoana isika no tsy maintsy miarahaba olona ?

(Fanontaniana efatra manaraka)

**Fampianarana ny fomba fiainan' i Mpaminany (s.w) amin' ireo zaza madinika**





# Nahoana isika no tsy maintsy miarahaba olona ?

Araka ny fijerinao, raha mahita namana eny an-dalana isika dia inona no tokony hatao? Mety ve raha mandalo eo akaikiny fotsiny isika? Diso tanteraka izany. Mety ve raha tonga de miresaka aminy fa tsy miarahaba? Izany dia diso ihany koa.
Noho izany, ny tena tsara dia ny fiarahabantsika ireo namantsika rehefa mifanena amin'izy ireo isika.

Ny fiarahabana dia famantarana ny fahalalam-pomba. Ny olona mahalala fomba dia tsy miresaka amin'olona raha tsy miarahaba aloha. Ny fiarahabana dia mahatonga ny fanamafisam-pihavanana eo amin'ny zanakolombelona. Ny fiarahabana dia midika hoe: "enga anie mba ho salama mandrakariva ianao"; noho izany, ny fiarahabana dia karazana fitalahoana.







Mpaminany Mohammad (s.w) dia tia miarahaba olona. Izy dia miarahaba ireo zazakely ihany koa. Izy dia tsy miandry olona hiarahaba azy, fa tonga dia miarahaba.



## Nahoana isika no tsy maintsy mifandray tanana ?



Anisan'iray amin'ireo zavatra izay mampitombo ny fifankatiavana dia ny fifandraisan-tanana. Rehefa mandray tanan'olon-kafa isika dia tahaka ny miteny hoe: “ianao dia tena tiako”

Noho izany, dia tsy tokony hadino ny mandray ny tanan'ny namantsika. Rehefa miarahaba azy isika dia tsy maintsy mandray ny tanany ihany koa. Izany zavatra izany dia mampitombo ny fifankatiavana.

Ny fandraisan-tanana dia misy tombotsoany ihany koa. Ny fandraisan-tanana dia manafoana ny fifankahalana. Raha misy olona roa tsy mifankatia, ka nifandray tanana, dia lasa hadinon'izy roa izany fifankahalana izany.





Tsarovy anefa fa rehefa mandray tanan'ny namanao ianao, dia aza esorina haingana ny tananao. Raha esorinao haingana izany, dia mihevitra izy fa tsy tia azy ianao.

Mpaminany Mohammad (s.w) dia matetika mandray tanan'ireo mpanaradia azy. Izy dia tsy mba manavakavaka izany. Na misy vola ianao na tsy misy, na mainty ianao na fotsy, na tanora ianao na antitra, dia samy raisiny tanana daholo. Rehefa mandray tanana izy dia tsy esoriny farany izay haingana izany.



# Nahoana isika no tsy maintsy manampy amin'ny asa ao an-trano ?



Ny Renintsika dia miasa fona isan'andro. Mamafa trano, mamafa latabatra sy seza, mikarakara sakafo, manasa lamba, ary ndraindray izy manjaitra ihany koa.

Araka ny fijerinao, mety ve raha izy irery ihany no manatanteraka ireo asa rehetra ao an-trano? Tsy tsara ve raha manampy azy isika? Inona ny olana raha toa ka isika no mamafa trano?

Inona ny olana raha toa ka isika no mamelatra ny tsihy isakafoanana?
Inona ny olana raha toa ka miaraka mikarakara sakafo aminy isika?





Raha manampy ny Reny isika amin'ny fikarakarana tokatrano, dia tsy mahatsiaro reraka izy. Ary malaky vita ny asa amin'izay fotoana izay. Ohatra: ny famoasana ovy anaty ny telopolo minitra, dia vita ao anaty ny folo minitra.

Mpaminany Mohammad (s.w) dia tia manampy amin'ireo asa ao an-trano. Ndraindray izy mitery ronono, ndraindray mitoto vary, ary ndraindray manapatapaka hena. Izy dia manampy amin'ny fanomezana ahitra ireo biby fiompy. Ndraindray izy dia mamafa trano ihany koa.



## Nahoana isika no tsy maintsy manaja ny laharana izay misy antsika ?



Isika dia tsy tokony haka ny laharan'ny sasany. Tsy tokony haka ny laharan'ny hafa isika rehefa maka rano. Rehefa hitaingina soavaly hazo isika dia tokony manaja ny laharana misy antsika.

Raha misy fizarana sakafo, dia tokony milahatra ary manaja ny laharana misy.

Ny tsy fanajana ny laharana dia mahatonga ny olona hiady sy tsy hifankatia.

Ny fakana ny laharan'ny hafa dia mitovy amin'ny fakana ankeriny ny fananany.





Tsy tiantsika raha ny laharantsika no alain'ny hafa; noho izany dia tsy tokony haka ny laharan'ny hafa ihany koa isika.

Mpaminany Mohammad (s.w) dia tena manome lanja ny laharana ihany koa. Ndray andro izy tonga tao an-tranon'i Fatima (a.s). Noho ny tonga tao izy dia nangataka ronono taminy i Hassan. Lasa izy naka ronono, ary nentiny tao an-trano izany. Rehefa nahita ilay ronono ihany koa i Houssein dia nangataka; nefa i Hassan no nomeny voalohany. Raha nahita izany i Fatima (a.s) dia niteny nanao hoe: “Ray o! i Hassan ve no tena tianao kokoa”. Niteny Mpaminany Mohammad (s.w) nanao hoe: “tsia izy roa dia samy tiako; nefa i Hassan no nangataka voalohany”. Izany hoe, laharan'i Hassan no voalohany zay vao an'i Houssein.



## Nahoana isika no tsy maintsy itokiana amin'ny fametrahan-javatra ?



Raha misy olona mametraka saribakoly taminao, dia tsy tokony hosimba izany rehefa miverina aminy.
Raha misy olona mametraka baolina taminao, dia tsy tokony hosimba izany rehefa miverina aminy.
Raha misy olona mametraka biskileta taminao, dia tsy tokony hosimba izany rehefa miverina aminy.
Isika zanakolombelona ndraindray dia tia mametraka zavatra amin'ny hafa. Izany zavatra izany dia tsy ratsy, fa mila olona azo itokiana. Izany hoe, tsy tokony ho simbana na atao antsirambina ny zavatra izay napetraka tamintsika. Ohatra: ny penina izay napetraka tamintsika dia tsy tokony hotapahina; ny boky izay napetraka tamintsika dia tsy tokony horovitina.
Raha tsy azo itokiana isika amin'ny fametrahan-javatra, dia lasa tsy itokian'olona.
Ary amin'izay fotoana izay dia tsy misy olona hametraka zavatra amintsika.





Mpaminany Mohammad (s.w) dia tena nanome lanja ny fametrahan-javatra. Mohammad izay fatra-pitokiana no fiantsoan'olona azy tamin'Izy mbola tsy naminany. Ny azo itokiana dia midika hoe azo ametrahan-javatra. Rehefa ametrahan'olona zavatra Izy dia tsy simba izany zavatra izany rehefa miverina amin'ny tompony. Izy dia niteny nanao hoe: "ny olona izay tsy azo itokiana amin'ny fametrahan-javatra dia olona tsy manam-pinoana."



## Fanontaniana :

1. Olona manao ahoana no arahabain'i Mpaminany Mohammad (s.w)?
2. Nahoana no tsy tokony esorina farany izay haingana ny tanana refeha mifandray tanana?
3. Inona no asa izay anampianao ny reninao rehefa ao an-trano ianao?
4. Inona no zavatra mety hitranga raha toa ka tsy manaja ny laharana izay misy antsika isika?
5. Inona no atao hoe fitokiana amin'ny fametrahan-javatra?



Amin' ny anaran' Andriamanitra, ilay be fiantrana, ilay be indrafo

# Nahoana no tsy tokony ho tezitra ?

## (Fanontaniana efatra manaraka)


**Fampianarana ny fomba fiainan' i Mpaminany (s.w) amin' ireo zaza madinika**





# Nahoana isika no tsy tokony ho tezitra ?

Raha misy trano iray may ny afo; ny zavatra rehetra ao aminy dia may ihany koa. Raha tratra ny tondra-drano ny tanana iray, dia simba avokoa ireo tetezana, ireo lalana, ary ireo trano ao amin'izany tanana izany.





Raha nandalovan'ny rivo-doza ny tanana iray, dia maro ireo zavatra simba toy ny trano, fiara, ary maro koa ireo hazo izay lavon'ny rivotra.

Ny fahatezerana dia toy ny afo sy tondra-drano ary rivo-doza.

Ny fahatezerana dia mahatonga ny fahavoazana.

Ny olona rehefa tezitra dia lasa tafiteny ratsy. Izy dia miteny mafy manoloana ny faha, ary mety hiafara amin'ny fikapohana ihany koa.



Rehefa tezitra isika dia tsy tokony hiteny mafy. Rehefa tsy miteny anaty ny fotoana vitsivitsy iska dia miala izany hatezerana izany. Raha tiantsika ny ho tony haingana dia tokony mipetraka isika, na koa miampatra tsara, na sasana amin'ny rano ny terehintsika.

Mpaminany Mohammad (s.w) dia tsy mba tezitra. Izy dia tsy taitra manoloana ny toetra ratsy ny asany. Raha misy olona miteny mafy eo akaikiny, na misintona ny lambany, na mananihany azy, dia tsy tezitra izy. Izy dia niteny tamin'ireo mpiaradia azy nanao hoe: "ny hatezerana dia afon'ny satana"



# Nahoana isika no tsy tokony ho sosodava ?

Mividy zavatra amin'olona miramirana ve no tianao sa mividy zavatra amin'olona sosodava?
Mianatra amin'ny mpampianatra miramirana ve no tianao sa mianatra amin'ny mpampianatra sosodava?
Miara mipetraka amin'olonana miramirana ve no ahitanao fahafinaretana sa miara-mipetraka amin'olona sosodava?
Mazava ny valin'ireo fanontaniana telo ireo. Ny olona miramirana no tena tiantsika. Noho izany, dia tokony ho miramirana isika. Ny olon-drehetra dia tia miresaka amin'olona miramirana. Rehefa miramirana isika dia toy ny voninkazo ny endrintsika.
Tsy tianao ve raha toy ny voninkazo no ahitana anao ?







Ny fahamiramirana dia manana tombontsoa hafa ihany koa. Ny olona miramirana dia tena faly kokoa eo amin'ny fiainana, raha ampitahaina amin'olona sosodava. Mpaminany Moahammad (s.w) dia matetika miramirana. Izy dia tsy mba sosodava. Rehefa miresaka Izy dia miramirana sy falifaly.



# Nahoana isika no tsy tokony hananihany ?

Tsy iray loko ireo voninkazo any amin'ny toerana be voninkazo.

Tsy mitovy ny haavon'ireo vohitra any amin'ny toerana be vohitra.

Tsy mitovy ny haavon'ireo hazo any anaty ala.

Ny olombelona dia tahaka ireo voninkazo, ireo vohitra, ary ireo zaho. Izy ireo dia samy hafa, ary tsy mitovy ihany koa. Ny sasany amin'ny zanakolombelona dia mena hoditra, ny sasany mavo hoditra, ny sasany mainty hoditra, ary ny sasany fotsy hoditra.

Ny sasany amin'ny zanakolombelona dia lava, ny sasany fohy, ary ny sasany antonony.

Ny sasany amin'ny zanakolombena dia matavy, ny sasany mahia, ary ny sasany dia sady tsy matavy no tsy mahia.



Noho ireo tsy fitoviana ireo dia tokony tsy hananihany ny hafa isika. Andriamanitra dia namorona ny zanakolombelona. Ny olona rehetra dia nataon'Andriamanitra mitovy. Izy dia tsy manome alalana ny olona hananihany ny loko na ny haavon'ny hafa.





Mpaminany Mohammad (s.w) dia tsy mba nananihany olona izany. Izy dia niangavy ireo mpanaradia Azy mba tsy hananihany ny hafa ihany koa. Ndray andro, nananihany ireo mpiandry ondry ireo mpiandry rameva. Raha nahita izany Mpaminany (s.w) dia nalahelo ka niteny nanao hoe: "tamin'ny mbola tsy Mpaminany aho dia niandry ondry ihany koa"



## Nahoana isika no tsy tokony hiady ?



Isika zanakolombelona dia matetika mifanohitra. Indraindray isika dia mifanohitra eo amin'ny fisafidianana mpiandry tsatokazo, indraindray eo amin'ny fampiasana fitaovana izay hilalaovana, indraindray eo amin'ny fijerena sary mihetsika.
Araka ny fijerinao, tsara ve isika raha miady noho ny fifanoherana?

Na dia mifanohitra aza isika dia tsy tokony hiady. Ny ady dia tsy ahitana tombontsoa. Mba tsy hampiady dia tokony mifampiresaka tsara isika, ary mitady vahaolana izay tsy hisian'ny fifanoherana.

Ny olona izay tia ady dia tsy mba mana-namana. Lasa irery izy, ary tsy misy olona afaka hamonjy ny lanonana na ny kilalao izay ataony.





Ny olona tia ady, dia ny olona izay feno alahelo ny fony. Rehefa mahita azy ianao dia toy ny mahita voninkazo efa malazo.

Noho izany, dia aza miady amin'olona. Raha niady tamin'olona ianao dia mihavana haingana aminy. Aza atao lava loatra ny adinareo.
Mpaminany Mohammad (s.w) dia tsy mba niady tamin'olona. Izy dia tsy mba niady tamin'ny namany. Niteny izy nanao hoe: "ny ady dia tsy tokony hihoatra ny telo andro ny faharetany"



# Nahoana isika no tsy tokony hanapaka tenin'ny sasany ?

Raha misy olona miresaka amintsika dia tsy tokony ho tapahina ny teniny. Avela ho tapitra aloha ny teniny. Amin'izay fotoana izay dia afaka miresaka aminy isika.

Ny tsy fanajana dia tsy ny fitenenana mafy na fitenenana ratsy olona, fa ny fanapahana ny tenin'ny sasany dia tsy fanajana ihany koa. Raha manapaka ny tenin'olona ianao, dia tahaka ny manakana azy mba tsy hiteny. Ny fanapahanao tenin'olona dia mahatonga azy halahelo.





Mpaminany Mohammad (s.w) dia tsy mba nanapaka tenin'olona. Tsy miteny zavatra izy raha tsy tapitra aloha ny tenin'olona izay miresaka aminy. Izy dia niangavy an'ireo mpanaradia azy mba tsy hanapaka tenin'olona ihany koa. Niteny izy nanao hoe: "ny olona izay manapaka ny tenin'ny rahalahiny dia toy ny mandrangotra azy"





## Fanontaniana :

1. Inona no tokny hataontsika rehefa tezitra isika?
2. Inona no tombotsoa azo avy amin'ny fahamiramirana?
3. Inona no zavatra izay nolazain'i Mpaminany (s.w) tamin'ireo olona izay nananihany ny olona mpiandry ondry?
4. Firy andro no faharetan'ny ady?
5. Inona no zavatra nolazain'i Mpaminany (s.w) mahakasika ny fanapahana ny tenin'ny sasany?



Amin' ny anaran' Andriamanitra, ilay be fiantrana, ilay be indrafo

# Nahoana isika no tsy tokony handainga ?

## (Fanontaniana efatra manaraka)

**Fampianarana ny fomba fiainan' i Mpaminany (s.w) amin' ireo zaza madinika**





# Nahoana isika no tsy tokony handainga ?

Efa nihenonao ve ny tantaran'ny mpiandry ondry mpandainga?
Ndray andro izy niteny mafy, ary nandainga nanao hoe: "vonjeo fa lanin'ny amboadia ny ondriko". Rehefa tonga anefa ny olona hamonjy azy dia nahita fa tsy marina izany.

Rahampitson'iny, dia mbola nandainga ihany koa izy, ary niteny nanao hoe: "vonjeo fa lanin'ny amboadia ny ondriko". Rehefa tonga anefa ny olona hamonjy azy dia nahita fa tsy nisy naratra ny ondriny na dia iray aza.



Andro manaraka dia tena nihan'ny amboadia tokoa ny ondriny. Nitady vonjy izy, fa tsy nisy olona tonga na dia iray aza. Niteny izy ireo nanao hoe:" Laingan'ny mpiandry ondry izany"





Ny sasany tamin'ireo ondriny dia maty, ary ny sasany dia naratra. Tamin'izany fotoana izany dia nahatsapa ilay mpiandry ondry fa ratsy ny mandainga.
Rehefa mandainga isika dia tsy itokian'olona, tahakan'ilay mpiandry ondry. Raha milaza ny marina isika dia itokian'olona ny tenintsika.
Mpaminany Mohammad (s.w) dia tsy mba nandainga. Izany zavatra izany dia tena tsy tiany. Eny fa na dia sangisangy aza, dia tsy mandainga ihany koa Izy. Izy dia nanalavitra ny lainga.



## Nahoana isika no tsy tokony hifosa olona ?

Isika zanakolombelona dia tia miresaka. Ny firesahana anefa dia tsy ratsy. Ny antony nanomezan'Andriamanitra antsika lela dia ny mba hifampiresahanatsika. Nefa kosa ny firesahana dia misy lalàna mifehy azy.



Ny tsy tokony hifosana olona dia anisan'ireo lalàna mifehy ny firesahana. Ny fifosana dia anisan'ireo fahotana.

Ratsy ve raha ny fahombiazan'ilay olona, na ireo zavatra tsara izay ataony no tokony ho resahantsika? Ohatra, ratsy ve raha ny lalao tsara izay nataony tamin'ny fanatanjahantena no resahantsika? Isika rehetra dia samy manana kilema avokoa, ka nahoana isika no miresaka ny kileman'ny sasany?





Mpaminany Mohammad (s.w) dia tsy mba **nifosa** olona. Izany zavatra izany dia tena tsy tiany; ary tsy manome alalana ny sasany **hifosa** ihany koa Izy. Raha mahita olona **mifosa** Izy dia sakanany mba tsy hanao izany. Niteny Izy nanao hoe: **"Andriamanitra dia nandrara ny fifosana; tahaka ny nandrarany ny fakana an-keriny ny fananan'ny sasany, sy ny fandatsan-drà ny olona sasany".**



# Nahoana isika no tsy tokony ho tia tena sy hirehereha ?



Tianao ho fantatra ve ny olona tia tena sy mirehareha? Ireo olona izay mihevitra fa ny tenany no tsara kokoa noho ny sasany, izy ireo dia tsy manaja olona rehefa miresaka, ary izy ireo dia tia mibaiko olona. Izy ireo dia tsy manaja ny hafa. Izy ireo dia tsy miarahaba olona, ary tena malefaka ny valiny raha misy olona miarahaba azy ireo.

Ny olona dia tsy mitia olona tia tena sy mirehareha. Ny olona mpanao izany dia tsy mba mananamana, ary metika irery. Andriamanitra dia tsy mitia olona mpanao izany ihany koa.





**Mpaminany Moahammad (s.w) dia tsy mba tia tena sy nirehareha. Izy dia tsy mba nanao ny tsy rariny amin'ny faha, eny fa na dia olona mahantra aza dia tiany avokoa. Izy rehefa an-trano, na am-pandehanana lavitra dia miasa foana; ary tsy mbola niteny hoe, zaho dia Mpaminan'Andriamanitra ka tsy kotony hiasa. Izy dia matetika miarahaba olona, sy miarahaba ireo ankizy ihany koa. Niteny izy nanao hoe: "ny olona izay ahitana fireherehana ao am-pony dia tsy miditra ny paradisa".**



# **Nahoana** isika no tsy tokony hifampialona ?




**Namanao dia mahay mandaka kokoa noho ianao; nefa ianao dia mahay mamelaka kokoa noho izy.**
**Namanao dia avo kokoa noho ianao; nefa ianao dia matanjaka kokoa noho izy.**
**Namanao no mahay matematika kokoa noho ianao; nefa ianao dia mahay tantara kokoa noho izy.**
**Andriamanitra dia tsy nanome ny fahasoavany rehetra hoan'olona iray, fa nozarainy tamin'ireo zanakolombelona izany.**
**Noho izany, dia tsy tokony hifampialona isika. Ny fialonana dia ny tsy fahafaliantsika rehefa mahita ny fahasoavana izay azon'ny sasany. Izany hoe, rehefa mahita ny hafalian'ny sasany isika dia malahelo. Ny fialonana dia fanirina ny hahafoana ny fahasoavana izay ananan'ny namantsika. Nefa isika dia afaka maniry ny mba hahatsaratsara sy hitomboan'izany.**






Mpaminany Mohammad (s.w) dia tsy mba nialona. Izy rehefa mahita olona nomen'Andriamanitra fahasoavana toy ny vola, trano tsara, feo tsara, toeram-pambolena, dia tsy mba malahelo. Izy dia niteny tamin'ireo mpanaradia azy nanao hoe: **"alavironareo ny fialonana".**



# Nahoana isika no tsy maintsy mankasitraka ny sasany ?



Ny sasany amintsika dia tena mahalalafomba, ary matetika mankasitraka ny tsara izay ataon'ny sasany. Rehefa avy nividy zavatra izy dia mankasitraka ny olona nividianany izany. Raha misy olona manome fanomezana azy dia mankasitraka ny olona nanome izany izy. Rehefa mandroso sakafo ho azy ny Reniny dia mankasitraka ny Reniny izy.

Ny sasany amintsika anefa dia tsy mba mahatsapa mankasitraka mihitsy, eny fa na dia omena vola be aza.



Araka ny fahitanao azy, ny voalohany ve no tsara sa ny faharoa? Ny valin'izany dia mazava tsara. Isika rehetra dia samy miaiky fa ny fankasitrahana dia tsara kokoa noho ny tsy fankasitrahana.

Ny fankasitrahana dia mahatonga ny fitomboan'ny fifankatiavana sy ny finamana. **Raha nisy olona nankasitrahanao, dia mitombo hatrany ny fitiavany anao.**



Ny fankasitrahana dia mamporisika ny olona hanao zavatra tsara ihany koa. Ohatra: raha nampindrana penina anao ny namanao, ka nankasitraka azy ianao, dia tiany ny manatanteraka indray izany asa tsara izany.
Mpaminany Mohammad (s.w) dia matetika mankasitra ireo asa tsara izay ataon'ny vahoaka. Ny fankasitrahany dia miendrika zavatra maro isankarazany. Indraindray izy dia manome fanomezana rehefa mankasitra, indraindray dia mitsiky, indraindray dia mitalaho amin'Andriamanitra.



## Fanontaniana :

1. Inona no mahatonga ny olona tsy mahatoky ny olona mpandainga?
2. Inona no atao hoe fifosana?

3. Olona manao ahoana ny olona izay tia tena sy mpirehareaha?
4. Inona no atao hoe fialonana?
5. Inona no ataon'i Mpaminany (s.w) rehefa mankasitra olona?



Amin' ny anaran' Andriamanitra, ilay be fiantrana, ilay be indrafo

# Nahoana isika no tsy maintsy manao soa ireo ray aman-dreny?

(Fanontaniana efatra manaraka)

## Fampianarana ny fomba fiainan' i Mpaminany (s.w) amin' ireo zaza madinika





## Nahoana isika no tsy maintsy manao soa ireo ray aman-dreny ?



Fantatrao ve fa nisahirana tamintsika ny Ray aman-dReny? Ny Reny dia nitondra antsika tanatin'ny sivy volana, ary taorian'ny fiterahana dia nanome nono antsika tanatin'ny roa taona.

Nandritra ny taona maromaro izy dia mifoha amin'ny alina noho ny fitomaniantsika, ary mampangina antsika izy.

Tamin'ny fahazazantsika, izy dia miresaka amintsika mba hahaizantsika miresaka; ary mampianatra antsika mandeha mba ahafahantsika mandeha. Rehefa marary isika dia hoentiny any amin'ny toerana fitsaboana.

Ny Ray dia nisahirana ihany koa tamin'ny fanabeazana antsika. Isan'andro izy dia mitady vola mba hampiadanana antsika. Rehefa tonga ao an-trano izy amin'ny alina dia mitaiza antsika ihany koa.





Araka ny fomba fijerinao, tsy tokony hanao soa azy ireo ve isika? Tsy tokony hihaino azy ireo ve isika? Tsara ve ny fitenenana mafy eo akaikin'izy ireo?

Rehefa teraka i Mpaminany Mohammad (s.w) dia nodimandry ny Rainy. Tamin'ny faha enin-taonany dia nodimandry ihany koa ny Reniny. Nefa Izy dia tsy mba nanadino azy ireo. Izy dia mamporisika ireo mpanaradia azy mba hanao soa ny Ray aman-dReny. Niteny Izy nanao hoe: "ny olona izay manao so any Ray aman-dReniny, dia tsy ho any amin'ny afobe."



## Nahoana isika no tsy maintsy be fitiavana amin'ireo zaza madinika ?

Ao an-tranonay dia misy zazakely tokony ho eo amin'ny telo taona eo. Izy dia tena be fitiavana. Izy dia tia manome sakafo ireo biby fiompy. Tiany ihany koa ny manondraka voninkazo. Izy dia tia manampy ny hafa ihany koa. Izy dia tsy tia miady amin'olona. Raha miady amin'olona izy, vetivety dia mihavana aminy.



Ny zaza rehetra dia tahaka azy avokoa. Izy ireo dia be fitiavana. Noho izany, dia tian'izy ireo ihany koa ny rehetra mba ho be fitiavana.

Isika dia tsy tokony hiteny mafy azy ireo. Isika dia tsy tokony haka an-keriny ny kilalaon'izy ireo. Isika dia tsy tokony hihomehy ny hadisoana kely izay ataon'izy ireo.



Mpaminany Mohammad (s.w) dia tena be fitiavana amin'ireo zaza madinika. Izy dia tena mitia azy ireo. Izy dia miarahaba azy ireo ihany koa. Indraindray izy miara-milalao amin'izy ireo. Niteny izy nanao hoe: “ao amin'ny paradisa dia misy trano izay antsoina hoe hafaliana, ary olona izay mampifalifaly ireo ankizy kely ihany no mahazo miditra amin'izany trano izany”





## Nahoana isika no tsy maintsy manao soa ireo mpifanolo-bodirindra amintsika ?

Ireo olona izay mifanakaiky trano na miara-mipetraka amin'ny trano lehibe iray no antsoina hoe **mpifanolo-bodirindrina.** Tsy tokony hifampijaly izy ireo. Raha hifampijaly izy ireo dia sarotra amin'izy ireo ny miaina amin'izany fiarahamonina izany.

Ny **mpifanolo-bodirindrina** dia tokony hifankatia. Raha marary ny iray, dia tokony hamangy azy ny sasany. Raha tsy manana ny iray dia tokony hanampy azy ny sasany. Raha manam-bahiny ny **mpifano-bodirindrina** iray, dia tokony hanaja izany ny rehetra, ary heverina ho vahinin'izy ireo ihany koa.

Ny zanan'iray dia tokony heverin'ny sasany ho zanany ihany koa.







Mpaminany Mohammad (s.w) dia tena mifanaraka amin'ireo mpifanolo-bodirindrina aminy. Izy dia tsy mba nampijaly azy ireo. Izy dia niangavy ny olona mba hanaja ny mpifanolo-bodirindrina aminy. Niteny Izy nanao hoe: "ny olona izay mino an'Andriamanitra sy ny andro farany, dia tsy mba mampijaly ny mpifanolo-bodirindrina aminy"



## Nahoana isika no tsy maintsy mamangy ireo olona marary ?

Mora hoan'olona salama ny miaina, fa sarotra hoan'olona marary. Ny olona marary dia tsy afaka milalao, tsy afaka miantsena, tsy afaka misakafo tsara.

Ny tena ratsy dia izy tsy afaka mihaona amin'ireo namany sy mpiara-mianatra aminy.

Izany zavatra izany no tsy tokony hamelantsika azy ho irery. Tokony hamonjy azy isika, ary mitondra fanomezana ho azy. Tokony hamangy azy isika, ary mampionona azy.



Ny olona marary rehefa mahita ny namany dia tena faly. Rehefa mahita olona mamangy azy, dia mahatsapa fa tsy irery. Fantany fa mbola mahatsiaro azy ireo namany.

Ny olona marary izay misy mpamangy dia mahatsiaro ho sitrana.





**Mpaminany Mohammad (s.w) dia matetika mamangy ireo olona marary. Raha maheno Izy fa misy mpanaradia azy marary dia tsy maintsy mamangy azy. Eny fa na dia lavitra aza ny toeran'ilay olona dia tonga mamangy ihany Izy.**



## Nahoana isika no tsy maintsy manaja vahiny ?

Mba hahafalifaly antsika; indraindray mandeha milomano, indraindray mitsangatsangana eny amin'ny vohitra, ary indraindray mandeha an-tanimboly. Mba hahafalifaly antsika, ary mba hahatonga antsika hanadino ireo alahelo, ndraindray mivahiny amin'olona. Ny mpivahiny dia mila famalifaliana avy amin'ny tompon-trano.

Noho izany, raha misy vahiny tonga ao an-tranontsika dia tsy tokony hampijalina. Ny antony ahatongavany ao amintsika dia ny hifalifaly. Tsy tokony halahelo izy ao an-tranontsika. Isika dia tokony hanalavitra ireo zavatra izay mahatonga ny vahiny halahelo. Isika dia tsy tokony manatsotra tongotra eo anoloan'izy ireo, tsy tokony hiteny mafy an'ny zanak'izy ireo.







Tokony manaja vahiny isika. Tokony miarahaba azy ireo isika. Rehefa mandroso sakafo, dia ny sakafon'ny vahiny no aroso aloha.

Mpaminany Mohammad (s.w) dia tena nanaja vahiny. Rehefa misy vahiny tonga ao aminy, dia raisiny tsara, ary apetrany amin'ny toerana tsara. Niteny izy nanao hoe: "ny olona izay mino an'Andriamanitra sy andro farany, dia tokony hanaja vahininy"



## Fanontaniana :

1. Inona no zavatra izay nolazain'i Mpaminany (s.w) mahakasika ny fanaovana soa ireo ray aman-dreny?
2. Natokana ho an'iza ny trano izay antsoina hoe fifaliana ao amin'ny paradise?
3. Manao ahoana ny fitondran-tena manoloana ireo mpifalo-bodirindrina?
4. Mba mamangy ny olona marary izay lavitra ny tanàna ve Mpaminany (s.w)?
5. Inona no zavatra tokony hatao mba ho fanajana ny vahiny?



Amin' ny anaran' Andriamanitra, ilay be fiantrana, ilay be indrafo

# Nahoana no tsy tokony handanilany foana ?

## (Fanontaniana efatra manaraka)

**Fampianarana ny fomba fiainan' i Mpaminany (s.w) amin' ireo zaza madinika**





# Nahoana isika no tsy tokony handanilany foana ?

Fantatrao ve ny atao hoe mandanilany foana? Ny filalaovana robine, ny famelomana jiro amin'ny efitra tsy misy olona, ary fanipazana voankazo nihinanana kely no antsoina hoe fandanilaniana foana. Ny fandanilaniana foana dia midika hoe, fanariana fahasoavana.



Andriamanitra dia nanome fahasoavana maro antsika. Tsy misy olana ny fampiasana izany, nefa tsara ve ny manary ireo fahasoavana ireo? Toy ny sakafo izay laninaliantsika foana, avy eo atsipy lavitra; nefa afaka omena olona mahantra. Toy ny herin'aratra izay amelomantsika jiro tsy misy mampiasa, nefa afaka amelomana jiro amin'ny hefitra iray hafa. Tahaka ny rano izay lanilanintsika, nefa afaka anondrahana zaho.





Raha tsy mandanilany foana isika dia mihena ihany koa ny vola izay mivoaka. Izany vola izany dia afaka ividianana zavatra hafa, na atao ambim-bava.

Mpaminany Mohammad (s.w) dia tsy mba mandanilany foana. Izy dia mahafantatra tsara ny tentin'ireo fahasoavan'Andriamanitra ireo. Izy dia manalavitra ihany koa ny fandanilaniana kely. Ohatra, ny fandiovany vilia avy nihinanany. Tsy avelany misy zavatra tavela ny vilaniny mba tsy ho simba na ariana.



## Nahoana isika no tsy maintsy manome lanja ny mofo ?

Efa nandinika momba ny tantaran'ny **mofo** ve ianao? Fantatrao ve ny fomba fanaovana **mofo?** Ny **mofo** dia avy amin'ny varim-bazaha. Any an-tanimboly no iantombohan'ny tantaran'ny **mofo.** Any ireo tantsaha no mamboly varim-bazaha. Mandritra ny fotoana maromaro dia milatsaka ny orana, miposaka ny masoandro, avy eo dia vokatra ny varim-bazaha. Rehefa vokatra izany dia jinjana. Rehefa avy eo dia totoina ka lasa lafarinina. Izany lafarinina izany no entina anamboarana **mofo.**







Fantatrao ve fa mila fahasahiranana vao mahavita mofo? Mety ve raha tsy omentsika lanjany izany fahasoavana sarobidy izany? Mety ve raha atsipitsipintsika fotsiny izany? Mety ve raha mividy mofo mihoatra isika, nefa tsy lany ka lasa maina izany? Mety ve raha atsipintsika ny tapany amin'izany?

Mpaminany Mohammad (s.w) dia tena nanome lanja ny mofo. Ndray andro, saika nahavoahitsaka tapa-mofo ny vadiny, ary raha nahita izany izy dia niondrika ka naka ilay mofo. Izy dia niangavy ny mba ahafantaran'ny vadiny ny tentin'ny fahasoavan'Andriamanitra. Niteny tamin'ireo mpanaradia azy Izy nanao hoe: "omeonareo lanjany ny mofo"



## Nahoana isika no tsy maintsy manampy ireo mahantra ?

Ny olon-drehetra dia tsy mpanam-bola avokoa. Ny sasany dia tsy manana vola hamidy sakafo. Ny sasany zara raha mba mitafy lamba. Ny sasany dia tsy manana trano hipetrahana.





Araka ny fomba fijerinao, tsy tokony hanampy azy ireo ve ny olona sasany? Inona moa no olana raha omentsika azy ireo ny am-pahany amin'ny volantsika? Inona moa no olana raha mividy lamba sy sakafo homena azy ireo isika?



Isika rehetra dia samy mpanompon'Andriamanitra. Eo anatrehan'Andriamanitra isika dia tsy misy fahasamifahany, na manam-bola na tsia. Ny Raintsika rehetra dia i Adama, ary ny Renintsika rehetra dia i Eva. Noho izany isika rehetra dia mpirahalahy sy mpirahavavy. Moa ve tsy tokony hieritreritra ireo rahalahintsika sy ireo rahavavintsika izay mahantra isika? Moa ve tsy tokony hanampy azy ireo isika?

Mpaminany Mohammad (s.w) dia tena manampy ireo olona mahantra. Eny fa na dia ny anjara sakafony aza dia omeny azy ireo. Niteny Izy nanao hoe: "tiavonareo ireo olona mahantra, ary miaraha mipetraka amin'izy ireo ianareo"



## Nahoana isika no tsy maintsy mamboly hazo ?



Anisan'ny tombontsoa azo avy amin'ny hazo dia noho izy manome voa.
Raha tsy nisy ny hazo dia tsy nisy ihany koa ireo voa toy ny manga, voasary, poma, ...
Anisan'ny tombontsoa azo avy amin'ny hazo dia noho izy azo anaovana seza, latabatra, fandrina, ...
Ny hazo dia manakana ny tondra-drano, na koa farafahakeliny manakana ny hamafin'izany.
Raha tsy misy ny hazo dia betsaka ireo zavatra simban'ny tondra-drano.
Ny tena mahazava-dehibe ny hazo dia noho izy manome gazy tsotra (oxygene). Ny olombelona sy ny biby dia tena mila gazy tsotra. Raha tsy misy gazy tsotra ny rivotra dia maty avokoa ny zavaboahary rehetra.
Raha tiantsika ny hiaina tsara, sy ho salama tsara, dia tokony hambolentsika hazo eo akaikin'ny tranontsika. Ny hazo dia midika ho fahasalamana. Ny hazo dia midika ho hafaliana. Ny hazo dia midika ho fanantenam-pivelomana. Ny hazo dia midika ho rivotra madio.



Mpaminany Mohammad (s.w) dia tena nanome lanja ny hazo. Izy dia namporisika ny vahoaka mba hamboly hazo. Izy dia tsy mba manapatapaka hazo. Izy dia niangavy an'ireo mpanaradia azy mba tsy hanapaka hazo, eny fa na dia hiady amin'ireo fahavalo aza.





## Nahoana isika no tsy tokony hitora-bato ireo biby ?





Ireo biby ireo dia ahitantsika tombontsoa. Ny sasany amin'izy ireo dia ataontsika sakafo; toy ny akoho, trondro. … Ny sasany dia itaingenantsika no sady ataontsika fitaterana entana; toy soavaly, rameva, … Ny sasany dia mandrotsirotsy antsika, ary ny feony dia mamalifaly antsika; toy ny vorona manga feo, tsikirity, kanary, … Ny sasany dia atao fakana hoditra anaovana kiraro na lamba; toy omby, ondry, … Ary ny ronono sy ny henan'ireo biby roa ireo ihany koa dia ampiasaintsika.







Mety ve raha ampijalintsika sy torahantsika vato ireo biby sarobidy izay nomen'Andriamanitra antsika ireo? Ireo biby ireo dia toa antsika ihany koa, raha torahana na kapoina dia maharary. Tsy tokony ampitahorintsika izy ireo. Tsy tokony vonovonoina foana izy ireo. Tokony ho be fitiavana amin'izy ireo isika.
Mpaminany Mohammad (s.w) dia tsy mba nampijaly biby. Izy dia be fitiavana amin'izy ireo. Izy dia tsy mampitondra zavatra mavesatra be ny ramevany, ary tsy mikely soroka amin'ny fanomezana sakafo azy. Izy dia nananatra ireo mpanaradia azy mba ho be fitiavana amin'ireo biby. Indray andro Izy nahita olona nitoraka vato akoho; rehefa nahita izany Izy dia nanantona an'ilay olona ka nananatra azy.



## Fanontaniana :


1. Inona no atao hoe fandanilaniana foana?
2. Inona no zavatra izay nolazain'i Mpaminany (sw.) tamin'ny mpanampy azy mahakasika ny mofo?
3. Manao ahoana ny fomba fitondran-tenan'i Mpaminany (s.w) manoloana ireo olona mahantra?
4. Inona no zavatra tena ilana ny hazo?
5. Manao ahoana ny fomba fitondran-tenan'i Mpaminany (s.w) manoloana ny ramevany?



NY MPAMINANY


# MOHAMMAD (sw)

## Dia Toy ny Voninkazo
























# MOHAMMAD(sw) Dia Toy ny Voninkazo

Ny andian-dahatsoratra "Mohammad (S) dia toy ny voninkazo," dia asa ho an'ny fampianarana ny fomba fiaina 'ny Mpaminany ny finoana silamo ny ankizy. Ity andian-dahatsoratra ity dia ahitana faritra efatra: fifandraisana amin'Andriamanitra, fifandraisana amin'ny tena, fifandraisana amin'ny hafa sy ny fifandraisana amin'ny fahariana sy ny adiresin'ireo 40 lohahevitra mifandraika amin'ny fomba fiainana.

Firafitry, dia natao ka ny ankizy hahatsapa ny anatrehan'ny Mpaminany teo amin'ny fiainana tsotra mba hanaraka mora foana.

Mariho fa ny andian-dahatsoratra "Mohammad (S) dia toy ny voninkazo", ankoatra ny fampianarana ny fomba fiainana ny finoana silamo ny Mpaminany ny manampy amin'ny fampandrosoana ara-tsaina ny ankizy sy ny fampandrosoana ny IQ etika.

Sarobidy io andian-dahatsoratra no vokatry ny ezaka nataon'ny Atoa Heydari Abhari izay namoaka boky 50 eo amin'ny sehatry ny fampianarana ara-pivavahana sy ny foto-kevitra ho an'ny ankizy tanora.



Izany asa natao ho valin'ny ny lahatsoratra manafintohina nataon’ny gazety frantsay "Charlie" manohitra ny finoana Silamo.